


# FANJAVA VOLAGNANAO

*Taona 1, laharana 1* — *14 desambra 2014*


*"Fanilo ny tongotro ny Teninao."*

*"Ta Parole est lumière de mes pas."*

**Lohahevitra:**

- Jesoa Evanjely: fiainana sy asa soratra
- Jesoa? Andriamanitra mamonjy
- Abba, Ray! Andriamanitra Ray?

**Ho hita ato :**


Abba Ray! Andriamanitra Ray? 2

Aoka ho tanterako amiko araka ny Teninao 3

Ataovy izay rehetra lazaina anareo 3

Ny Teny tonga Nofo 3

Voninahitra any amin'ny Avo 4

Magnificat 4


## Jesoa Evanjely : fiainana sy asa soratra

Manomboka amin'ny litera « *E* » lehibe na *majuscule* ny soratra Evanjely, ka manambara i Jesoa Kristy Vaovao «Mahafaly». Izy, tonga nofo, vatana sy fanahy no Vaovao Mahafaly tokoa. «*Jésus est l'Évangile.*»

Raha manomboka amin'ny « *e* » madinika na *minuscule* ny fanoratana ny evanjely dia manambara asa soratra mirakitra ny Tenin'Andriamanitra tonga nofo izy; ilay Teny tonga olombelona. Mivantana ho fampianarana sy fandalinam-pinoana voasoratra ho an'ny vondron'ny mpino iray io raki-tsoratra io.

Ny evanjely araka ny nanoratan'i Md. Matio azy no ahitana be dia be. Nitanisa ny trangam-piainana nambaran'ny mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha. Misy araka izay ny ezaka ataon'i Md. Matio hanamafy orina ny fampianaran'ny Evanjely ao amin'ny fanambarana voatahirin'ireo bokin'ny Testamenta Taloha, indrindra fa ireo ambaran'ny mpaminany. (*jereo Mt 1, 15.17; 4, 14 sns.*)

Maro amin'ireo mpino kristianina no avy amin'ny finoana Jody, taranak'Abrahama, rain'ny fanekem-pihavanana. Tombo tao amin'ny Lalàna sy ny fomba amam-panao Jody izireo. Koa rehefa nahay an'i Jesoa Kristy izireo (*araka ny voasoratra ao amin'ny Mt 1, 1-25*) dia resy lahatra hanaraka Azy Jesoa Tompo sy ho mpianatr'i Kristy, handray feno ny fomba ho làlana sy fahamarinana ary fiainana. Izay no antsoina hoe:

« kristianina ». (As 11,26)

Sahirankirana izireo satria ny finoana kristianina tsy mirafitra mazava toy ny an'ny Jody na toy any an'ny hafa rehetra: Inona ny fomba amam-panao maha-Kristianina, mampiavaka ny mpino Kristianina amin'ny olona hafa ? Hanohy fanarahana Lalàn'i Moizy sy ny sisa (sabata... )và? Inona ny marina?



Tsotra ny valiny: « JESOA » ***«Nahoana ianareo miantso Ahy hoe: Tompoko, Tompoko? Kanefa tsy manao ny sitrapon'ny Raiko, hoy Izy»*** (Lk 6, 46).

Ny fitiavako an'i Jesoa no hianarako an'i Jesoa ka hahatakarana ny hahavo, ny sakany, ny hahalalin'ny fitiavan'Andriamanitra feno (Eph. 3, 17 –18).

## Jesoa ? Andriamanitra mamonjy !

"Andriamanitra mamonjy" izay no dikan'ny teny Hebrio hoe: "JESOA". Amin'ny teny Arabo dia "Issa" no ilazàna azy.

Mahatsiaro ny fanekem-pihavanana nataony tamin'i Abrahama/Ibrahimo ny Tompo Andriamanitra. Izy dia antsoina koa hoe: « rain'ny mpino » noho izy nankatoa feno ny fangatahana nataon'ny Tompo taminy mba hisian'ny fanekem-pihavanana eo amin'Andriamanitra Tompo sy ny olombelona. Taranak'Abrahama i Jesoa. Fantatra avy amin'ny tantara voasoratr'i Matio ao amin'ny evanjeliny (Mt 1, 1—25). Rehefa nanaiky ho ray mpitaiza an'ny zanak'i Maria, fofombadiny i Jozefa, dia nandova ny maha-taranak'i Davida sy taranak'Abrahama azy i Jesoa. Hebrio Jody tokoa Izy ary Andriamanjaka ara-pirazanana ka dia voahosotra tokoa. Notorontoronin'ny Fanahy Masina anefa i Jesoa tao an-kibon'i Maria, virjiny, fa tsy i Jozefa no ray niteraka azy. (Mt 1, 20—21). Manamafy ny maha-ray mpitaiza azy ny zo hanome anarana ilay zaza tao am-bohok'i Maria, araka ny didy nomen'ny Anjelin'ny Tompo niseho taminy. (Mt 1, 21). Araka ny fandaharam-pitiavan'Andriamanitra dia haharitra mandrakizay ny fanekem-pihavanana havitran'i Jesoa Zanak'Andriamanitra eo amin'ny olombelona sy Andriamanitra. Tsy ho ravan'ny fahotana intsony ity iray ity, fa novidiny lafo tamin'ny nafoizan'ny ainy.



*Vavaky ny Tompontsika amin'ny teny arameanina.*

# Abba ! Ray ! Andriamanitra Ray?

Manambara avy hatrany ny maha-lehilahy an'Andriamanitra ny fiheverana Azy ho Ray ?

Moa toy ny olombelona misy lehilahy sy vehivavy va Andriamanitra? Ahoana no maha-Ray Azy?
 - Andriamanitra Ray satria loharano naviana, nipoirana, "*nahary tongotra aman-tanana!*"

Tamin'ny andro fahagola be tany, ny Grika dia efa nihevitra fa ireo andriamanitra monina ao amin'ny bongon'i Olympe na ao Panthéon (toeram-ponenan'ireo andriamanitra) dia azo heverina ho πατερ (pater), Père, "Abba", "Ray", "Baba". Vokatry ny diniky ny olombelona fotsiny manko izireo, hany ka ny nahazatra azy Grika amin'ny fiainana andavanandro ihany no nampiharin'izireo mora foana tamin'ireo andriamanitra nankatoavin'izireo. Ka izay no nampisy ny andriamanidahin'ny varotra Mercure, ny andriamanidahin'ny ady Marsa, ny andriamanibavin'ny fitiavana Venus na Aphrodite… Misy ireo nihevitra fa ny hazo na ny vato no nahary azy ireo, ka nantsoin'izireo hoe: "Ray". (Jeremia 2,27 : '*Ianao no raiko'*, hoy izireo tamin'ny hazo. '*Ianao no niteraka ahy'*, hoy izy tamin'ny vato).

Lavitra izany fiheverena an'Andriamanitra ho "Ray" izany anefa ny vahoaka Jody. Avo sy ambony, tsitoha tokoa manko izany Andriamanitra izany ho azy ireo. Ilay Andriamanitra Mpahary, na Andriananahary no noheverin'izireo. Tsy noheverina ho "ray" velively Izy noho ny fahamboniany. Fahamendrehana lavitra be, ka ny olombelona izay zavaboahary dia mazava tsara fa tsy mendrika hanana Azy ho "RAY". Mbola hita ao amin'ny mpino hafa tsy kristianina izay fiheverana izay. Andriamanitra Masina, Andriamanitra Mahery, Andriamanitra Velona mandrakizay! Hany ka ho tànana ho fanevatevana an'Andriamanitra ny fiheverana sy ny fiantsoana Azy ho "Ray".

Tsikelikely anefa dia nahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra Tompo azy ny vahoaka Israely. Tia tokoa ny Tompo Andriamanitra. Niahy, nitahy, nitsimbina azy Izy Tompo. Hay sy hita ao amin'ny toe-panahin'ny raim-pianakaviana izay. Hitany tokoa fa mila afahana amin'ny jiogan'i Faraôna Israely vahoakany izay nolazainy fa zanany lahy. (*jereo* Ex 4, 22—23). "Raha tsy alefanao ny zanako hanompo Ahy, hoy ny Tompo tamin'i Faraôna, dia haringako ny zanakao dia ilay lahimatoanao ..."

Hatreo dia nitohy hatrany ny fiheverana an'Andriamanitra Tompo ho "Ray" ary ny soratra masina manambara izay dia misokajy telo:

. Ray Mpahary, loharanon'aina, (*jereo* Dt 32,6; Iz 64,7; Mal 1,6; 2,10; Sir 23,1-4)

. Ray Mpanabe Mpampianatra, (*jereo* II Sm 7,14; Iz 1,2; Sal 27,10; Jr 3,19…)

. Ray be fitiavana (*jereo* Oz 11,1-3; Jr 31,20; Sal 103,13; Oh 3,12; Mal 3,17)

Na tsy noheverina ho rain'olombelona tokana aza ny Tompo Andriamanitra dia sahy nomena anarana manambara ny maha-ray an'Andriamanitra ny zaza Jody: - *Abiyyahu*: "Yahweh est mon Père", "Raiko ny Tompo" (*jereo* I Tantara 7,8; I Sm 8,2; Neh 12,17; Lk 1,5).

*« Ny rahalahiko, ny anabaviko, ny reniko dia ireo izay manatanteraka ny sitrapon'ny Raiko »*

Nivoatra tanteraka izany rehefa tonga i Jesoa Kristy. Ho an'ny mpianatra mpanara-dia azy, na ny mpino kristianina dia rain'i Jesoa i Andriamanitra Andriananahary satria zanak'Andriamanitra tokoa Izy. (jereo Mt 1,20) Ka ireo izay nandray ny Fanahy Masina, ka manao ny sitrapon'Andriamanitra dia afaka miantso an'Andriamanitra hoe "Abba" na "Ray" satria tonga rahalahy, anabavy, renin'i Jesoa Kristy. **(*jereo* Mt 12,49-50)**



Miatomboka amin'ny fiantsoana an'Andriamanitra "Ray" ny vavaka nampianarin'ny **Tompo ny mpianatra, rehefa naneho ny faniriany izy ireo. Ao amin'ny Fanahy Masina no afahantsika miantso ny Andriamanitr'i Jesoa Kristy hoe: Abba! Na Ray! (cf. *Rom 8, 15*)**

mYmFB nWBa *Avinu beshamayîm,* **Rainay any an-danitra (*jereo* Mt 6,9-13)**

**Ray iombonan'ny mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo rehetra ilay Andriamanitra Rainy, hany ka "olo'raiky " izy rehetra. Izireo no vatana ary i Jesoa kosa no Loha.**

**Mandrantsana ny Vatan'ny Tompo ka mifameno avokoa izireo ao anatin'ny fahasamihafana mba hanatanteraka ny sitrapon'ny Ray Mpahary. Izay asa izay no foto-piveloman'ny tsirairay avy, hampitombo ny Vatana.**

**"*Ny sakafoko, hoy i Jesoa dia ny manao ny sitrapon'ilay Naniraka Ahy.*"**

## Aoka ho tanteraka amiko araka ny Teninao !

Lahateny manambara faharesen-dahatra sy fahavononana hirotsaka feno amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra Tompo ity voalaza ity. Vonona handray an-tanana tokoa ny fanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra i Maria. Vehivavy virjiny iray izy, ary efa fofombadin'i Jozêfa, lehilahy iray tao Nazareta, faritr'i Galilea, avaratr'i Palestina. (Lk 1,38). Vonona tokoa anefa izy ka namoaka io teny io rehefa nandre ny fiarahaban'ny Anjely Gabriely azy sy nahay fa finidin'ny Tompo ho renin'ny Mpamonjy izy ka hatontosa an-tsakany sy andavany ny fandaharam-pitiavan'Andriamanitra .

Raha jerena ny grika izay nanoratan'i Lioka ny evanjeliny dia voalaza toy izao io valitenin'i Maria io : "Γένοιτό μοι": matoantenin'ny niaharana na "*voix passive*" ary amin'ny endrika mandidy na firariana "*mode optatif na koa impératif* ". Hany ka rehefa ambara amin'ny teny malagasy izy dia hoe: "Aoka ho tanteraka amiko!" Fa iza ary moa no hanao izay hahatanteraka azy ka ivantanan'ity teny firarian'i Maria ity? Tsy voafaritra eto manko ny olona hanao ny asa na "*sujet*" ; vinaky anefa fa ny iharana no ampiasàna ny matoanteny ary tsy voatonona ao ny "*sujet*" hanao ny asa. Fomba fanehoana ny asan'Andriamanitra io mba tsy anononana lava ny anarany ary izay no antsoin'ireo mpandinika hoe "*passif théologique*". Midika izany fa ny Tompo no hanao izay hahatanteraka ny fampahatongavana ho nofo izay Teniny izay. Olona iangaviany hiara-miasa aminy i Maria. I Maria anefa efa manam-pikasàna hafa izay iombonany amin'ilay fofombadiny Jozefa. Nanaiky nampandefitra io fikasàna io anefa i Maria ka nirotsaka am-pinoana sy fanetre-tena hanolo-tena hahatanteraka izay sitrapon'ny Tompo te-hamonjy ny taranak'olombelona izay ary hamitrana indray ilay fanekem-pihavanana tapaka nahito noho ny fandàvan'i Adama sy Eva ilay Teniny tany am-piandohana.

## Ataovy izay rehetra lazainy anareo !

Ny evanjely nosoratan'i Joany (Jn 2,5) indray no mitatitra ity anatr'ilay renin'i Jesoa amin'ireo tompom-panasàna tojo fahasahiranana: lany divay ilaina amin'ny fanasana. Na dia nampahafantarina tamin'i Maria aza fa tsy mbola tonga ny fotoanan'i Jesoa dia namoaka io teny anatra io izy: "Ὅ τι ἄν λέγῃ ὕμιν ποίῄσατε" izay adika hoe: "Ataovy izay rehetra lazainy anareo !" Voalohany nanao ny lazain'ny Anjelin'ny Tompo taminy i Maria, ka mendrika sy afaka tokoa hananatra araka izany. Feno fahasoavana tokoa izy nahay nanaiky ary dia tonga mpanabe, mpitaiza mpanampy mavitrika ny olon-drehetra te-ho mpianatr'i Jesoa Kristy, Teny tonga nofo. Taloha tamin'ny fiandohan'izao tontolo izao, Eva namindra tamin'i Adama sy ny taranany ny fandavana ny Tenin'Andriamanitra, ny anatra tokony haharetan'ny fiainana sy ny hasambarana aminy. Voasodokan'ny fahavalo demony izy ka resy sy lavo ary namindra izany fahalemena mahafaty izany tamin'ny taranak'olombelona rehetra. Amin'ity Vaovao Mahafaly ity dia misongadina ho mpampianatra mahavelona tokoa ilay renin'i Jesoa. Nampihetsika an'i Jesoa izay anatr'i Maria, Eva vaovao izay, ary dia niteny sy nanome baiko ho arahan'izy ireo izy mba hanafaka azy ireo amin'ny fahasahiranany.

Teo am-pototry ny Hazo Fijaliany no tonga ny ora; tontosa ny fananganany an'i Maria ho renin'ny mpianatr'i Jesoa Adama vaovao. Miahy sy mitsimbina mandrakariva ny mpianatr'i Jesoa i Maria ary dia manaporofo izay ny tantaran'ny fisehoany, ny fampitandremana, ny torohevitra ary ny fampiononana rehetra.

## Ny Teny tonga nofo.

Tsy kobaka am-bava, na fampandriana adrisa na koa fampanantenana poak'aty ny Tenin'ny Tompo nambaran'ireo mpaminany nifamdimby sy voasoratra hatry ny ela ao amin'ireo boky masina taloha. Ny fahaterahan'ilay Mesia tao Betlehema dia manamafy ny porofo azo hatry ny ela. Ho an'ny Fanekena Vaovao na "*Nouvelle Alliance*" dia efa nanomboka tamin'ny nampitoe-jaza ilay vavy antitra momba tsy niteraka na dia vadin'ny mpisorombe Zakaria aza izy. Misongadina indrindra indrindra tamin'ny namakian'i Jesoa ny faminanian'Izaia mpaminany tao amin'ny sinagogan'i Nazareta (jereo Lk 4,16-21) Sh,meron peplh,rwtai h` grafh. au[th evn toi/j wvsi.n u`mw/n azo adika hoe: "*anio no tanteraka eo amin'ny sofinareo izany soratra izany.*"

Ao amin'i Jesoa Nazareanina tokoa ny Fanahin'ny Tompo, napetraka aminy mba hitoriany vaovao mahafaly amin'ny mahantra, hanafaka ireo voafatotra, hampahiratra ny jamba, hanome fahafahana ireo ampahoriana, hilaza taom-pahasoavan'ny Tompo. Fahasoavana lehibe vokatry ny fahatongavan'ny Teny ho nofo izay.



**Fanjava Volagnanao :**
Taratasim-pifandraisana mivoaka indroa isam-bolana mifototra amin'ny fanazavana ny Soratra Masina.

*Taona 1, laharana 1*
*14 desambra 2014*

**Mpiandraikitra : fr. Miandra Bezaka**

**miandra.bezaka@yahoo.com**

Téléphone : +261 (0) 32 05 902 58

***Fanilo ho an'ny tongotro ny Teninao***

VONINAHITRA HO AN'ANDRIAMANITRA
ANY AMIN'NY AVO INDRINDRA

ARY FIADANANA

HO AN'NY OLONA TSARA SITRAPO



Lk 2,14 Do,xa evn u`yi,stoij qew/| kai. evpi. gh/j eivrh,nh evn avnqrw,poij euvdoki,ajÅ

## Magnificat

Luc 1,*46 Marie dit alors : " Mon âme exalte le Seigneur,*

*47 et mon esprit tressaille de joie en Dieu mon Sauveur,*

*48 parce qu'il a jeté les yeux sur l'abaissement de sa servante. Oui, désormais toutes les générations me diront bienheureuse,*

*49 car le Tout-Puissant a fait pour moi de grandes choses. Saint est son nom,*

*50 et sa miséricorde s'étend d'âge en âge sur ceux qui le craignent.*

*51 Il a déployé la force de son bras, il a dispersé les hommes au coeur superbe.*

*52 Il a renversé les potentats de leurs trônes et élevé les humbles,*

*53 Il a comblé de biens les affamés et renvoyé les riches les mains vides.*

*54 Il est venu en aide à Israël, son serviteur, se souvenant de sa miséricorde,*

*55 selon qu'il l'avait annoncé à nos pères - en faveur d'Abraham et de sa postérité à jamais ! "*